MALAGASY MPITOLONA AO LA RÉUNION

Tokony hiditra amin'ny Repoblika faha-5 i Madagasikara

Nanao hetsika ireo Malagasy mpitolona ao amin' ny Nosy La Réunion ny faran'ny herinandro teo, mahakasika ireo tsy fahombiazan'ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana. Nisy ny fanambarana navoakan'izy ireo momba an' izay : miala Rajoelina, hoy ny fanambarana, satria mandika ny lalàna velona rehetra misy eto amin'ny tany sy ny Fanjakana. Mampihàtra ny JADONA, managadra ny mpaneho hevitra sy ireo rehetra tsy mitovy hevitra aminy. Mangalatra sy manodina ny volam-bahoaka. Manao kolikoly. Manaonao foana, mandany vola amin'ny tsy misy dikany : 78 tapitrisa dolara Amerikana no lany nanaovana an'i Mahamsina, nefa 77 tapitrisa dolara Amerikana no ilaina iadivana amin' ny kere. Tsy mahay mitantana, mandany vola tamin'ny fanamboarana CVO, kanefa

tsy mandaitra akory. Mivarotra tany amin'ny vahiny amin'ny alàlan'ny Emergence. Tsy mitsahatra ny mandainga sy mamitaka vahoaka. Velirano sy ny fampanantenana poak'aty miisa zato mahery, tsy misy tanteraka. Manageja ny fahefan'ny andrim-panjakana rehetra. Miaro ny mpanao ratsy toy ny afera SMMC. Mitady hanome zom-pirenena ho an'ny vahiny. Mamono ny fampianarana amin'ny tsy fikarakarana ny mpampianatra. Namono nahafaty mpianatra nitaky vatsim-pianarana, sns… REHEFA MIALA RAJOELINA, hoy ny fanambarana dia izao no mety ho tombontsoa: miverina amin'ny Malagasy i Madagasikara. Ny Malagasy amin'izay no mahazo vahana, fa tsy ny vahiny intsony. Afaka atao tsara amin'izay ny ady amin'ny kolikoly. Tsy ny vola intsony no hanjaka eo anivon'ny Fitsarana sy amin'ny sehatra rehetra. Afaka haneho hevitra aradalàna ny olom-pirenena rehetra. Hizotra tsara ny fitantanana ny harem-pirenena, ka hisitraka ny tombontsoa rehetra ny maro an'isa. Hangarahara ny vola azo sy ny fampiasana azy iadiana amin'ny Kere, noho izany dia ny FIALAN'I ANDRY RAJOELINA IHANY NO VAHAOLANA. Manao tolokevitra toy izao izahay Malagasy mpitolona eto amin'ny Nosy La Réunion, hoy ny fanambarana, hiditra amin'ny Repoblika faha-5 i Madagasikara. Ao anatin'ny fananganana io Repoblika vaovao io no hananganana : HCC tsy mitanila, Code electoral na lalàm-pifidianana vaovao, fanavaozana ny lisi-pifidianana. Ny fitsarana ireo mpanongam-panjakana, mpangala-bato rehetra, mpanodinkodim-bolam-panjakana rehetra. Ny fifidianana eny anivon'ny Fokontany, no tokony hialoha ny fifidianana mpitondra firenena vaovao.

Nangonin'Isambilo

Depiote Todisoa

Nanampy ireo ankizy natao didimpoatra sy mpanala BEPC

Nanampy ireo ankizy natao didimpoatra maimaimpoana faobe tao Ambohimanarina Boriboritany faha-6, ny depiote voafidy avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ity boriboritany ity, Todisoa Andriamampandry. Nanampy koa izy ireo mpanala fanadinam-panjakana BEPC zanak'Ambohimanarina, izay miatrika izany fanadinana izany amin' izao fotoana.

Vita sy tontosa soamantsara ny faran'ny herinandro teo ny didimpoatra maimaimpoana faobe, ho an'ny Zanak'Ambohimanarina, izay marobe tokoa

Ny depiote Todisoa nanome fanampiana ireo ankizilahy kely natao hasoavana.

ireo zazalahy kely nofo-raina tamin'izany. Ankoatra ny akanjo malabary sy fanampiana ny ray amandrenin'ny ankizy tamin'ny fanomanana dia mbola notoloran'ny depiote Todisoa kilalao ireo ankizy vita hasoavana.

Ankoatra izany, tonga nanome vatsy ho an'ireo mpianatra hanala fanadinam-panjakana BEPC tao Ambohimanarina koa ny depiote voafidy teny an-toerana avy amin'ny antoko TIM ity. Mirary soa sy fahombiazana ho an' ny mpanala fanadinana BEPC rehetra ihany koa ny tenany ary mitondra am-bavaka anareo rehetra ho todisoa amin'ny tanjona, hoy izy.

Isambilo

Fikaonan-doha nasionaly

Ho tonga avokoa ireo mpanohitra ny fitondrana avy amin'ny lafy valon'ny Nosy

Ho tanterahana eny amin' ny Ri La Tsio Bypass rahampitso zoma 23 jolay, sy ny sabotsy 24 jolay izao, ny fikaonan-doha nasionalin'ny avy amin'ny fanoherana eto amintsika. Araka ny vaovao voaray, ho tonga eto Antananarivo avokoa ny solontenan'ny mpanohitra ny fitondrana amin'izao fotoana, avy amin'ny lafy valon'ny Nosy. Nambaran'ny tompon'andraikitra tamin'ny tafa nataony tamin'ny mpanao gazety tetsy Bel'Air ny talata teo, nahitana ny mpitarika isany avy amin'ny RMDM: Pasitera Edouard Tsarahame, sy Jean Claude Rakotonirina, fa ho avy eto an-drenivohitra avokoa ny solontenan'ireo mpanohitra rehetra manerana an'i Madagasikara, mahatsapa fa tsy manjary izao fitondrana Rajoelina izao. Tanjona ao anatin'izany hoy izy ireo ny hikatsaka vahaolana manoloana ny toe-draharaham-pirenena. Handray anjara amin'izany ireo mpisehatra politika rehetra tsy misy anavahana avy amin' ny fanoherana, ao anatin'izany na antoko na vondrona na fiarahamonim-pirenena manana hevitra hoentina hampandrosoana ny firenena. Hisy ny vaomiera miisa 4 hitsinjarana ireo mpandray anjara: eo ny vaomiera momba ny fitanta- nana ny raharaham-panjakana, ny toekarena sy ny fifandraisana iraisam-pirenena, ny vaomiera politika ary ny vaomiera sosialy sy kolontsaina ary fanabeazana. Efa an-dalana ho aty an-drenivohitra avokoa ireo solontena avy amin'ny faritra 22 ankehitriny, efa nisy hatramin'ny omaly no niainga avy any amin'izy ireo hamonjy io fotoan-dehiben' ny mpanohitra hanomboka rahampitso io.

Ny sasany amin'ireo mpikarakara ny fikaonan-doha nasionalin'ny mpanohitra, hanomboka rahampisto eny amin'ny Bypass.

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Tsy hisy fampandrosoana raha mbola misy ny sekoly miangatra

Miditra amin'ny andiam-panadinam-panjakana faharoa ny zaza malagasy amin'ity herinandro ity izay nanomboka ny alatsinainy teo. Mirary soa ho an'ireo mpiadina aloha ho tafita soa amin'izany atrehin'izy ireo izany. Fa etsy andanin'izany, ny diplôman'ny Bepc , dia dingana faharoa aorian'ny Cepe atrehina na lalovan'ny mpianatra. Ny tsikaritra dia aorian'io no manomboka hita soritra ny fihintsanana an-dalana, ka mihena ny isan'ny mpianatra tonga amin'ny dingana famaranana na kilasy famaranana. Vao mainka io isa mihena io mibaribary rehefa tarafina ny fiakaran'ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony na ny Anjerimanontolo. Sarotra ny fandrantoana fianarana ho an'ny zanaky ny sarambabembahoaka hatreto eto amin'ity firenena ity. Raha noezahin'ireo ray aman-dreny tany aloha fatratra ny amin'izay hampianaran-janaka, ka hanao izay hahatafita azy ho lasa ambony avara-pianarana na hivarotana tanimbary aza, dia tsy izay intsony ny zava-misy ankehitriny. Maro amin'ny ray aman-dreny no ao anaty fahasahiranana na ny tsy fifehezana fivelomana, hany ka tsy mahavita mampianatra ny zanany hatramin'ny farany, hatreny amin'ny ambaratonga ambony. Tsy mahita afitsoka ny ray aman-dreny maro amin'ny zava-misy eo amin'ny seha-pampianarana. Misy fijery mahitsy izay milaza, fa sekoly miangatra no misy eto amin'ity firenena ity. Sekoly izay manilika ny tsy afaka amin'ny fiainana. Sekoly izay manome vahana ny manan-katao.

Olana lehibe eto amin'ny firenena io. Voalohany, tsy vitan'ny famporisihana am-bava fotsiny ataon'ny fitondrana amin'ny ray aman-dreny hampidi-janaka hianatra any an-tsekoly izany, fa tena mila asa mivaingana sy tena fandavan-tena lalina. Re hatrany mantsy izany amin'ireo olon'ny fitondrana. Lasan-ko vavany fotsiny tsy izy intsony amin'izao fotoana izao, fa efa lany andro no tsy maharaka ny fivoarampiainana misy. Io ihany koa tsy vitan'ny tolotolotra fitaovana kely isaky ny fiandohan'ny taom-pianarana , fa miendrika tampi-maso sy mifono politika ireny ataon'ny fitondrana ireny. Tsy mahatafita mpianatra lavitra izany. Raha tiana ho tafita ny zaza Malagasy dia ny foto-piainany mihitsy no itadiavam-bahaolana. Tsy izay loatra anefa no ataon'izao fitondrana izao, fa vonjivonjy tavan'andro ihany miharo fiarovana tombontsoa. Tsy hitondrana ny zana-bahoaka lavitra sy hampivoatra ity firenena ity ireny fihetsika samihafa atao ireny. Miendrika filalaovana vahoaka fotsiny aza izany.

Mbola miendrika fiangarana ihany koa ny fitsongantsongàna ankizy na mpianatra hampiana na alefa any ivelany, ka tohanan'ny mpitondra manokana. Efa aman-taonany no nisian'izany nefa iaraha-mahita hoe aiza no misy ny firenena izao. Mila manova politika mazava ny fitondrana sy fomba fisainana vaovao amin'ny fitantanam-pirenena ary indrindra eo amin'ny seha-pampianarana.

Sôh'son